# Parés de la vertu de la tempérance

Par Ulisses Soares
*du Collège des douze apôtres*

# Miravaka ny hasin'ny fahononam-po

Nosoratan'ny Loholona Ulisses Soares
*Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo*

Conférence générale d'octobre 2025

*Je nous invite tous sincèrement à parer notre esprit et notre cœur de la vertu chrétienne de la tempérance.*

*Manolotra fanasana avy amin'ny foko manontolo ho antsika rehetra aho mba handravaka ny saintsika sy ny fontsika amin'ny hasin'ny fahononam-po, izay toetra tahaka ny an'i Kristy.*

En mai 2021, alors qu'il visitait le chantier de rénovation du temple de Salt Lake City, le président Nelson s'est émerveillé des efforts des pionniers qui, avec des ressources limitées et une foi inébranlable, ont construit cet édifice sacré, un chef-d'œuvre physique et spirituel qui a résisté à l'épreuve du temps. Cependant, il a aussi constaté les effets de l'érosion qui, au fil du temps, avait créé des interstices dans les pierres de fondation d'origine du temple et de l'instabilité dans la maçonnerie, signes évidents de la nécessité d'un renforcement de sa structure.

Raha nitsidika ny toerana nanaovana ny asa fanavaozana ny Tempolin'i Salt Lake ny Filoha Russell M. Nelson tamin'ny volana mey 2021, dia talanjona tamin'ny ezaka nataon'ireo mpamaky lay izay nahavita nanangana tamin'ny loharanom-pitaovana voafetra sy finoana tsy azo hozongozonina nananan'izy ireo, io trano masina io, izay sangan'asa miezinezina eo amin'ny endrika sady manan-danja ara-panahy ary tsy tontan'ny ela. Tsikariny ihany koa nefa ny vokatry ny fikaohan-tany izay nitarika ny fisian'ny lavaka taty aoriana teo amin'ireo vato iorenan'ny tempoly tany am-piandohana sy fikorontanana teo amin'ny rafi-bato izay famantarana mazava fa nilaina ny fanamafisana ara-potodrafitrasa.

Notre prophète bien-aimé nous a ensuite enseigné que, tout comme il était nécessaire de mettre en œuvre des mesures importantes pour renforcer les fondations du temple afin qu'il résiste aux forces de la nature, nous devons également prendre des mesures extraordinaires, peut-être des mesures que nous n'avons jamais prises auparavant, pour renforcer notre fondation spirituelle en Jésus-Christ. Dans son message mémorable, il nous a posé deux questions profondes auxquelles réfléchir personnellement : « Quelle est la solidité devotrefondation ? Et de quoi avez-vous besoin pour renforcer votre témoignage et votre compréhension de l'Évangile? »

Nampianatra antsika ny mpaminany malalantsika avy eo fa toa ny nilana fandraisana fepetra goavana tamin'ny fanamafisana ny fototry ny tempoly mba hanoherana ireo loza voajanahary, dia mila mandray fepetra miavaka ihany koa isika, izay mety ho fepetra tsy mbola noraisintsika mihitsy hatrizay, mba hanamafisana ny fototra ara-panahy iorenantsika manokana ao amin'i Jesoa Kristy. Tao anatin'ilay hafany tsy hay hadinoina dia nametrahany fanontaniana lalina anankiroa isika mba hosaintsainin'ny tena manokana: "Mafy orina toa ny ahoana ny fototrareo? Ary inona avy no fanamafisana orina ilaina ho an'ny fijoroana ho vavolombelona anananareo sy ny fahatakaranareo ny filazantsara?"

L'Évangile de Jésus-Christ nous fournit des moyens divinement inspirés et efficaces pour

Ny filazantsaran'i Jesoa Kristy dia manolotra antsika fomba masina sy mahomby hanaka-

empêcher l'érosion spirituelle de notre âme. Ainsi, notre fondation est renforcée, et nous pouvons éviter les interstices dans notre foi et l'instabilité dans notre témoignage et dans notre compréhension des vérités sacrées de l'Évangile. Un principe particulièrement pertinent pour atteindre cet objectif se trouve dans lasection 12 des Doctrine et Alliances. Cette révélation a été donnée par l'intermédiaire de Joseph Smith, le prophète, à Joseph Knight, un homme juste qui cherchait sincèrement à comprendre la volonté du Seigneur, non pour un simple changement extérieur, mais pour rester inébranlable dans sa condition de disciple, « ferme comme les piliers du ciel».Le Seigneur a déclaré :

« Voici, je te parle, à toi, et aussi à tous ceux qui ont le désir de promouvoir et d'établir cette œuvre.

« Et nul ne peut apporter son aide à cette œuvre s'il n'est humble et plein d'amour, et n'a la foi, l'espérance, et la charité, étant modéré dans toutes les choses qui seront confiées à ses soins. »

Les conseils du Sauveur, rapportés dans cette révélation sacrée, nous rappellent que la tempérance est l'armature essentielle d'une fondation ferme en Jésus-Christ. C'est l'une des vertus indispensables, non seulement pour les personnes qui ont été appelées à servir, mais aussi pour toutes celles qui ont contracté des alliances sacrées avec le Seigneur et qui acceptent de le suivre fidèlement. La tempérance harmonise et renforce les autres vertus chrétiennes mentionnées dans cette révélation : l'humilité, la foi, l'espérance, la charité et l'amour pur qui émane du Christ. De plus, cultiver la tempérance est un moyen efficace de protéger notre âme de l'érosion spirituelle subtile, mais constante, causée par les influences du monde qui peuvent affaiblir notre fondation en Jésus-Christ.

Parmi les qualités que possèdent les vrais disciples du Christ, la tempérance se distingue comme étant le reflet du Sauveur lui-même, un fruit précieux de l'Esprit, accessible à tous ceux qui s'ouvrent à l'influence divine. C'est la vertu qui apporte l'harmonie au cœur en façonnant les

nana ny fikaohan-tany ara-panahy eo amin'ny fanahintsika, hanamafisana amin-kery ny fototra iorenantsika ary hanampiana antsika hisoroka ny fisian'ny lavaka eo amin'ny finoantsika ary fikorontanana na eo amin'ny fijoroana ho vavolombelona ananantsika na eo amin'ny fahatakarantsika ireo fahamarinana masina ao amin'ny filazantsara. Misy fitsipika misongadina manokana iray entina manatratra ity tanjona ity izay hita ao amin'nyfizarana 12 an'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana, fanambarana nomena tamin'ny alalan'i Joseph Smith ho an'i Joseph Knight, lehilahy olo-marina izay nikatsaka mafy ny hahatakatra ny sitrapon'ny Tompo, tsy ho an'ny fiovana ivelany fotsiny ihany fa mba hijoroany tsy ho voahozongozona amin'ny maha mpianatra azy, "mafy orina tahaka ireo andrin'ny lanitra".Nanambara ny Tompo hoe:

"Indro, miteny aminao Aho, ary koa amin'ireo rehetra izay manam-paniriana ny hanomboka sy hampiorina ity asa ity;

"Ary tsy misy afaka manampy amin'ity asa ity, raha tsy manetry tena izy ary feno fitiavana, manana finoana, fanantenana ary fiantrana, mahonon-tena amin'ny zava-drehetra na inona na inona hankinina hotandremany".

Mampahatsiahy antsika ny fitarihan'ny Tompo izay voarakitra ao amin'ity fanambarana masina ity fa ny fahononam-po dia fanamafisana tena ilaina mba hisian'ny fototra mafy orina ao amin'i Jesoa Kristy. Iray amin'ireo hasina ilaina izany, tsy ho an'ireo izay voantso hanompo fotsiny ihany fa ho an'ireo rehetra izay nanao fanekempihavanana masina tamin'ny Tompo ary manaiky ny hanaraka Azy amim-pahatokiana ihany koa. Mampirindra sy mampatanjaka ireo toetra hafa tahaka ny an'i Kristy izay voalaza ao amin'ity fanambarana ity ny fahononam-po: fanetrentena, finoana, fanantenana, fiantrana ary fitiavana madio izay mikoriana avy Aminy. Ankoatra izany, ny fikolokoloana ny fahononam-po dia fomba miavaka iray hiarovana ny fanahintsika tsy ho tratran'ireo fikaohan-tany ara-panahy misoko mangina kanefa mikiky tsy tapaka vokatry ny fitaoman'izao tontolo izao izay mety hamparefo ny fototra iorenantsika ao amin'i Jesoa Kristy.

Raha ny amin'ireo hasina izay mandravaka ny mpianatra marin'i Kristy, dia misongadina ny fahononam-po satria ny Mpamonjy mihitsy no asehon'izany, voa sarobidin'ny Fanahy izany, ary mitolotra amin'ireo rehetra izay vonona ny hotarihin'ny fitaoman' Andriamanitra. Hasina

désirs et les émotions avec sagesse et calme. Dans les Écritures, la tempérance est présentée comme une partie essentielle de la progression dans notre cheminement spirituel, nous conduisant vers la patience, la piété et la compassion, tout en affinant nos sentiments, nos paroles et nos actions.

Les disciples du Christ qui s'efforcent de cultiver cette vertu chrétienne deviennent de plus en plus humbles et pleins d'amour. Une force sereine naît en eux, et ils deviennent plus aptes à maîtriser leur colère, à rester patients et à traiter les autres avec tolérance, respect et dignité, même lorsque les vents de l'adversité soufflent avec violence. Ils s'efforcent de ne pas agir impulsivement, mais choisissent d'agir avec de la sagesse spirituelle, guidés par la douceur et par l'influence paisible du Saint-Esprit. Ainsi, ils deviennent moins vulnérables à l'érosion spirituelle, parce que, comme l'apôtre Paul l'a enseigné, ils savent qu'ils peuvent tout faire par le Christ, qui les fortifie, même face aux épreuves qui pourraient ébranler leur témoignage de lui.

Dans son épître à Tite, Paul donne des conseils sacrés concernant les qualités requises des personnes qui désirent représenter le Sauveur, et faire sa volonté avec foi et dévouement. Il dit qu'elles doivent être hospitalières, modérées, justes et saintes, des qualités qui reflètent clairement l'influence de la tempérance.

De plus, Paul les avertit qu'elles ne doivent pas être « arrogant[es], ni [colériques], ni violent[es]». Ces traits de caractère sont contraires à la volonté du Sauveur et entravent la véritable progression spirituelle. Dans le contexte scripturaire, ne pas être « arrogant » c'est refuser d'agir avec arrogance et orgueil; ne pas être « colérique » c'est ne pas céder aux pulsions naturelles, comme l'impatience ou l'irritabilité; et ne pas être « violent » c'est rejeter tout comportement querelleur, agressif et dur, que ce soit verbalement, physiquement ou émotionnellement. Si nous

mitondra fitoniana ao am-po izany, ary manefy ireo faniriana sy fihetseham-po amin'ny alalan'ny fahendrena sy fitoniana. Ao amin'ny soratra masina, dia aroso ho ampahany manan-danja amin'ny fivoarana eo amin'ny dia ara-panahintsika ny fahononam-po, ka manampy antsika hanana faharetana, sy toe-panahy araka an' Andriamanitra ary fangorahana no sady manatsara ireo zavatra tsapantsika sy ny tenintsika ary ny zavatra ataontsika.

Ireo mpianatr'i Kristy izay miezaka mikolokolo ity toetra tahaka ny an'i Kristy ity dia lasa manetry tena sy feno fitiavana fatratra. Misy tanjaka feno fahatoniana mitsiry ao amin'izy ireo ary lasa mahavita mihazona hatezerana kokoa izy ireo no sady mikolokolo faharetana sy mitondra ny hafa amim-pandeferana, amim-panajana sy amim-pahamendrehana, na dia rehefa mifofofofo mafy aza ireo rivotra mahery vaikan'ny fahoriana. Miezaka ny tsy haneho fihetsika atosi-pihetseham-po izy ireo fa misafidy kosa ny haneho fihetsika ombam-pahendrena ara-panahy, tarihin'ny halemem-panahy sy ny fitaomana malefaky ny Fanahy Masina. Amin'ny alalan'izany izy ireo dia tsy mora handairan'ny fikaohan-tany ara-panahy satria, araka ny nampianarin'i Paoly Apôstôly, dia fantratr'izy ireo fa mahay ny zavatra rehetra izy ireo amin'ny alalan'i Kristy, ilay mampahery azy ireona dia miatrika ireo fitsapana izay mety hanozongozona ny fijoroana ho vavolombelona ananan'izy ireo momba Azy aza.

Nampita torohevitra masina momba ireo fepetra takina amin'ireo izay maniry ny hisolo tena ny Mpamonjy sy hanao ny sitrapony amim-pinoana sy amim-panolorantena i Paoly tao amin'ny Epistiliny ho an'i Titosy. Nilaza izy fa tokony ho tia mampiantrano vahiny, mahonon-tena, marina ary masina izy ireo, izay toetra ahitana taratra mazava ny fitaoman'ny fahononam-po.

Mampitandrina anefa i Paoly fa tokony "tsy mitompo teny fantatra, tsy mora tezitra, … [ary] tsy mpikapoka" izy ireo.Ny toetra tahaka izany dia mifanohitra amin'ny fampianaran'ny Mpamonjy ka manakana ny fivoarana ara-panahy tena izy. Ny hoe "tsy mitompo teny fantatra" ao amin'ny sahan-kevitry ny soratra masina dia olona iray izay mandà ny haneho fihetsika feno avonavona sy hambom-po;ny hoe "tsy mora tezitra" dia olona iray misoroka ny faniriana voajanahary ho lasa tsy manam-paharetana sy mora tezitra;ary ny hoe "tsy mikapoka" dia

nous efforçons de changer de comportement avec foi et humilité, nous nous ancrerons fermement dans le roc solide de la grâce du Christ, et deviendrons des instruments purs et polis entre ses mains saintes.

En réfléchissant à la nécessité de cultiver la vertu de la tempérance, je me suis souvenu des paroles d'Anne, la mère du prophète Samuel, une femme d'une foi remarquable qui, même après de grandes épreuves, a offert un cantique de gratitude au Seigneur. Elle a dit : « Ne parlez plus avec tant de hauteur ; Que l'arrogance ne sorte plus de votre bouche ; Car l'Éternel est un Dieu qui sait tout, Et par lui sont pesées toutes les actions. » Son cantique est plus qu'une prière, c'est une invitation qu'elle se lance à agir avec humilité, maîtrise de soi et modération. Anne nous rappelle que la véritable force spirituelle ne s'exprime pas par des réactions impulsives ou des paroles hautaines, mais par une attitude modérée et réfléchie, en harmonie avec la sagesse du Seigneur.

Bien souvent, le monde exalte les comportements nés de l'agressivité, l'arrogance, l'impatience et la démesure, justifiant souvent ces attitudes par les pressions de la vie quotidienne, et par la recherche de l'approbation et de la popularité. Lorsque nous détournons notre regard de la vertu de la tempérance et ignorons l'influence douce et modératrice du Saint-Esprit dans notre façon d'agir et de parler, nous tombons facilement dans le piège de l'ennemi, ce qui nous conduit inévitablement à prononcer des paroles et à adopter des attitudes que nous regretterons profondément, que ce soit dans nos relations sociales, familiales ou même ecclésiastiques. L'Évangile de Jésus-Christ nous invite à exercer cette vertu, surtout dans les moments difficiles, car c'est précisément à ces occasions que la véritable personnalité des gens se révèle. Comme Martin Luther King, fils, l'a dit un jour : « La véritable stature d'un homme ne se révèle pas dans les moments où il est à son aise, mais lorsqu'il rencontre des difficultés et des conflits. »

entina ilazana olona iray mitsipaka fitondrantena tia fifandirana sy mahery setra ary masiaka am-bava, ara-batana ary ara-pihetseham-po. Rehefa miezaka manova ny fitondrantenantsika amim-pinoana sy amim-panetrentena isika dia afaka miorim-paka mafy eo amin'ny vatolampin'ny fahasoavanyary lasa fitaovana madio sy voalambolambo eo an-tanany masina.

Rehefa nieritreritra momba ny antony tokony hikolokoloana ny hasin'ny fahononam-po aho dia mahatsiaro ny tenin'i Hana, renin'i Samoela mpaminany—vehivavy iray nanam-pinoana mahavariana izay, na avy niatrika fitsapana goavana aza dia nanolotra hira fankasitrahana ho an'ny Tompo. Hoy izy: "Aza dia mahery miteny avonavona; ary aoka tsy haloaky ny vavanareo ny fireharehana. Fa Jehovah no Andriamanitry ny fahalalana, ary Izy no mandanja ny asa".Mihoatra lavitra noho ny vavaka ny hira nataony, fanasana nomeny ny tenany izany haneho fanetrentena, fifehezan-tena ary fahononan-tena. Mampahatsiahy antsika i Hana fa ny tanjaka ara-panahy marina dia tsy miseho anaty fihetsika atosi-pihetseham-po na teny feno avonavona fa amin'ny alalan'ny toe-tsaina onona sy voasaina mifanaraka amin'ny fahendren'ny Tompo.

Matetika izao tontolo izao no midera ny fihetsika ateraky ny hasiahana, ny fanambonian-tena, ny tsy faharetana ary ny zavatra diso tafahoatra, ka manamarina matetika ireo toe-tsaina ireo noho ireo faneriteren'ny fiainana andavanandro sy ny fironana ho amin'ny fahazoana fankasitrahana sy laza. Rehefa misafidy ny tsy hampiasa ny hasin'ny fahononam-po isika ary tsy miraharaha ny fitaomana malefaka sy mampitony avy amin'ny Fanahy Masina eo amin'ny fomba fihetsika sy firesaka dia lavo mora foana ao anatin'ny fandrik'ilay fahavalo isika ary tsy azo ihodivirana ny hitarihan'izany antsika hilaza teny sy lasa hanana toe-tsaina izay hanenenantsika mafy tokoa na eo amin'ny fifandraisantsika ara-tsôsialy, na amin'ny fianakaviana na ara-pivavahana mihitsy aza. Manasa antsika hampihatra ity hasina ity ny filazantsaran'i Jesoa Kristy indrindra mandritra ireo fotoanan'ny fisedrana, satria mandritra ireny fotoana ireny indrindra no miseho ny tena toetran'ny olona. Hoy i Martin Luther King Jr. indray maka: "Ny tena tanjaka ara-pitondrantena sy ny fahamarinan-toetran'ny olona iray dia tsy miseho ao anatin'ny fotoana mampahazo aina sy mampilamina azy fa miseho kosa amin'ny fotoana hiatrehany fisedrana sy

En tant que peuple de l'alliance, nous sommes appelés à vivre le cœur fermement enraciné dans les promesses sacrées que nous avons faites au Seigneur, en suivant soigneusement le modèle qu'il a établi par son exemple parfait. En contrepartie, il nous a fait cette promesse : « En vérité, en vérité, je vous dis que c'est ma doctrine, et quiconque bâtit là-dessus bâtit sur mon roc, et les portes de l'enfer ne prévaudront pas contre lui. »

fifandirana".

Satria vahoakan'ny fanekempihavanana isika, dia antsoina isika hanao fanoloran-tena lalina ara-pihetseham-po sy ara-panahy amin'ireo fampanantenana masina nataontsika tamin'ny Tompo, ka hanaraka amim-pitandremana ny lamina napetrany tamin'ny alalan'ny ohatra tonga lafatra izay nasehony.Nampanantena kosa Izy ho tambin'izany hoe: "Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa, izany no fotopampianarako ary na zovy na zovy no manorina eo ambonin'izany dia manorina eo ambonin'ny vatolampiko, ary ny vavahadin'ny helo tsy haharesy azy".

Let Not Your Heart Be Troubled[Que votre cœur ne se trouble point], tableau de Howard Lyon, publié avec la permission de Havenlight

Le ministère du Sauveur sur terre a été marqué par la vertu de la tempérance dans tous les aspects de sa personnalité. Par son exemple parfait, il nous a enseigné à « être patients dans les afflictions, à ne pas insulter ceux qui insultent». En enseignant que nous ne devons pas céder à la colère à cause de disputes et de querelles, il a déclaré : « Vous devez vous repentir, et devenir semblables à un petit enfant. » Il a aussi enseigné que tous ceux qui désirent venir à lui d'un cœur pleinement résolu doivent se réconcilier avec les personnes contre lesquelles ils sont en colère et avec celles qui ont quelque chose contre eux. Avec une attitude pleine de tempérance et un cœur compatissant, il nous a assuré que lorsqu'on nous traite avec dureté, méchanceté, manque de respect ou mépris, son amour ne s'éloignera pas de nous et son alliance de paix ne sera pas retirée de notre vie.

Let Not Your Heart Be Troubled (Aoka tsy hitebiteby ny fonareo), nataon'i Howard Lyon, nahazoana lalana avy amin'ny Havenlight

Ny asa fanompoan'ny Mpamonjy tety an-tany dia niavaka tamin'ny hasin'ny fahononam-po tamin'ireo lafin-javatra rehetra teo amin'ny toetrany. Tamin'ny alalan'ny ohatra tonga lafatra nasehony dia nampianatra antsika Izy hoe "mahareta amin'ny fahoriana, aza manevateva ireo izay manevateva".Araka ny nampianariny hoe tsy tokony hilefitra amin'ny fahatezerana isika noho ny fifamaliana sy ny fifandirana. Nanambara Izy hoe: "Tsy maintsy mibebaka ianareo sy tonga tahaka ny ankizy madinika".Nampianatra ihany koa izy fa ireo rehetra izay maniry ny hanatona Azy amin'ny fo feno finiavana dia tsy maintsy mihavana amin'ireo izay ananan'izy ireo hatezerana na manana hatezerana amin'izy ireo.Nanome toky antsika Izy, tamin'ny fihetsika naneho fahononam-po sy fo feno fangorahana, fa rehefa misy mitondra antsika amim-pahasiahana, amim-paharatsiam-panahy, amin'ny tsy fanajana na tsy firaharahiana, dia tsy handao antsika ny hatsaram-panahiny ary ny fanekempihavanan'ny fiadanany dia tsy hesorina hiala amin'ny fiainantsika.

Il y a quelques années, mon épouse et moi avons eu le privilège sacré de rencontrer des membres fidèles de l'Église à Mexico. Beaucoup d'entre eux, personnellement ou à travers leurs proches, avaient enduré des épreuves indescriptibles, notamment des enlèvements, des homicides et d'autres tragédies déchirantes.

Taona vitsivitsy lasa izay dia nanana tombontsoa masina izaho sy ny vadiko nihaona tamina mpikamban'ny Fiangonana mahatoky vitsivitsy tao amin'ny tanan-dehiben'i Mexique. Maro tamin'izy ireo, na izy ireo manokana izany na ny havan-tiany, no efa niaritra fitsapana tsy hay faritana, anisan'izany ny fakàna an-keriny, ny vono olona ary loza hafa mahavaky fo.

En regardant le visage de ces saints, nous n'avons vu ni colère, ni ressentiment, ni désir de vengeance. Au lieu de cela, nous avons vu une humilité tranquille. Leur visage, bien que marqué par le chagrin, rayonnait d'un désir sincère de

Rehefa nijery ny endrik'ireo Olomasina izahay dia tsy nahita fahatezerana na lolom-po na faniriana hamaly faty. Fanetrentena tony kosa no tsikaritray. Ny tarehin'izy ireo, izay na dia nisoritan'alahelo aza, dia namirapiratra faniriana

guérison et de réconfort. Même si leur cœur avait été brisé par la souffrance, ces saints sont allés de l'avant avec foi en Jésus-Christ, choisissant de ne pas laisser leurs afflictions créer des brèches dans leur foi ni déstabiliser leur témoignage de l'Évangile.

À la fin de ce rassemblement sacré, nous avons salué chacun d'eux. Chaque poignée de main, chaque étreinte est devenue un témoignage paisible qu'avec l'aide du Seigneur, nous pouvons choisir de réagir avec tempérance aux frustrations et aux difficultés de la vie. Leur exemple tranquille et modeste était une invitation douce à suivre le chemin du Sauveur avec tempérance en toutes choses. Nous avions l'impression d'être en présence d'anges.

Jésus-Christ, le plus grand de tous, a souffert pour nous jusqu'à saigner à chaque pore, pourtant, il n'a jamais laissé la colère enflammer son cœur et aucune parole agressive, offensante ou grossière n'a franchi ses lèvres, même au milieu d'une telle affliction. Avec une tempérance parfaite et une douceur sans égale, il n'a pas pensé à lui-même, mais à chacun des enfants de Dieu, passés, présents et à venir. L'apôtre Pierre a témoigné de l'attitude sublime du Christ lorsqu'il a déclaré : « Lui qui, injurié, ne rendait point d'injures, maltraité, ne faisait point de menaces, mais s'en remettait à celui qui juge justement. » Même au cœur de son agonie suprême, le Sauveur a fait preuve d'une parfaite tempérance divine. Il a déclaré : « Néanmoins, gloire soit au Père, j'ai bu et j'ai terminé tout ce que j'avais préparé pour les enfants des hommes. »

Mes frères et sœurs bien-aimés, je nous invite tous sincèrement à parer notre esprit et notre cœur de la vertu chrétienne de la tempérance, comme une réponse sacrée à l'appel prophétique de notre cher président, Russell M. Nelson. Je témoigne que, si nous nous efforçons, avec foi et diligence, d'intégrer la tempérance dans nos actions et nos paroles, nous fortifierons notre vie

fanasitranana sy fampiononana. Na dia vakin'ny fijaliana aza ny fon'izy ireo, dia nibosesika nandroso nomban'ny finoana an'i Jesoa Kristy ireo Olomasina, ary nisafidy ny tsy hamela ny fahoriana ho lasa lavaka eo amin'ny finoan'izy ireo na hiteraka fikorontanana eo amin'ny fijoroana ho vavolombelona ananan'izy ireo momba ny filazantsara.

Tamin'ny fiafaran'io fotoam-pivoriana masina io dia niarahaba ny tsirairay tamin'izy ireo izahay. Ny fandraisan-tanana sy ny fifamihinana tsirairay dia lasa vavolombelona mangina fa rehefa omban'ny fanampian'ny Tompo isika dia afaka misafidy ny hiatrika ny fahasorenana sy ny fanambin'ny fiainana amim-pahononam-po. Ny ohatra tony sy tsotra nasehon'izy ireo dia fanasana feno hatsaram-panahy mba handeha amin'ny lalan'ny Mpamonjy amim-pahononam-po amin'ny zavatra rehetra. Nahatsapa ho toa ny teo anatrehan'ny anjely izahay.

I Jesoa Kristy, ilay lehibe indrindra amin'ny rehetra, dia nijaly ho antsika mandra-pivoa-drà ny mason-kodiny rehetra, kanefa tsy mbola namela velively ny fahatezerana hampirehitra ny fony Izy, na nivoahan'ny teny feno hasiahana, manafintohina na manevateva ny vavany na dia teo afovoan'ny fahoriana toa izany aza Izy. Noho ny fananany fahononam-po tonga lafatra sy halemem-panahy tsy manam-paharoa, dia tsy nieritreritra ny Tenany Izy fa nihevitra kosa ny zanak' Andriamanitra tsirairay, tany amin'ny lasa sy ankehitriny ary amin'ny hoavy. Nijoro ho vavolombelona momba ny toe-tsaina tena tsara indrindra nananan'i Kristy ny Apôstôly Petera rehefa nanambara izy hoe: "Raha notevatevaina Izy, dia tsy mba nanevateva; raha nijaly Izy, tsy mba nandrahona, fa nanolotra ny adiny ho amin'ny Mpitsara marina".Na dia tao anatin'ny fangirifiriana lehibe indrindra niainany aza ny Mpamonjy dia naneho fahononam-po tonga lafatra sy masina. Nanambara izy hoe: "Kanefa, voninahitra anie ho an'ny Ray, ary nosotroiko izany ary novitaiko izay efa nomaniko ho an'ny zanak'olombelona".

Ry rahalahy sy anabavy malalako isany, manolotra fanasana amin-kitsim-po amintsika rehetra aho mba handravaka ny saintsika sy ny fontsika amin'ny hasin'ny fahononam-po tahaka ny an'i Kristy, ho valiny masina amin'ilay antso avo avy amin'ny mpaminany nataon'ny Filoha Russell M. Nelson malalantsika. Rehefa miezaka amim-pinoana sy amim-pahazotoana mampidit-

et l'ancrerons plus solidement dans la fondation sûre de notre Rédempteur.

Je témoigne solennellement que la recherche constante de la tempérance purifie notre âme et sanctifie notre cœur devant le Sauveur, nous rapprochant doucement de lui et nous préparant, avec espérance et paix, pour ce jour glorieux où nous le rencontrerons à sa seconde venue. Je prononce ces paroles sacrées au nom de notre Sauveur, Jésus-Christ. Amen.

ra ny fahononam-po amin'izay rehetra ataontsika sy tenenintsika isika, dia mijoro ho vavolombelona aho fa hampatanjaka sy hampifikitra ny fiainantsika amin'ny fomba azo antoka kokoa eo amin'ny fototra azo antoky ny Mpanavotra antsika isika.

Mijoro ho vavolombelona amin'ny fomba manetriketrika aho fa ny fikatsahana tsy tapaka ny fahononam-po dia manadio ny fanahintsika ary manamasina ny fontsika eo anoloan'ny Mpamonjy ka mitarika antsika tsimoramora hanatona Azy kokoa sy manomana antsika, amim-panantenana sy amim-piadanana, amin'ilay andro be voninahitra izay hihaonantsika Aminy amin'ny Fiaviany Fanindroany. Zaraiko ireo teny masina ireo, amin'ny anaran'i Jesoa Kristy Mpamonjy antsika, amena.